# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Novambra 2018

# 29 **Alakamisy** novambra

**Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy.**
2 Korintiana 5. 10

**Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky ; nahatoky tamin'ny kely ianao ... ; midira amin'ny fifalian'ny tomponao.** Matio 25. 21

## Andro nisy orampanala

Benaia dia mpanompon'i Davida mpanjaka. Asehon'ny Tenin' Andriamanitra fa lehilahy mahery fo izy, ary voatantara ao ny iray amin'ireo „asa be" vitany : niady tamina liona izy, ary nahafaty azy tao an-ki fantsakana iray (2 Samoela 23. 20-23). Voalaza mazava ao amin'ny tantara fa *andro nisy orampanala* tamin'izay. Benaia izany dia nanao zavatra sarotra (namono liona), tao amina toerana sarotra (lavaka fantsakana, tsy nisy ahafahana mandositra), ary tamina fotoana sarotra (andro nisy orampanala). Nasain'Andriamanitra nosoratana tsara tao amin'ny Teniny ireo antsipiriany rehetra ireo. Ny zava-nisy tamin'ny ady natrehin'i Benaia dia nanasongadina ny herimpo nananan'io lehilahin'ny finoana io.

Ry kristiana, Andriamanitra dia liana amin'ny zava-misy rehetra eo amin'ny fiainantsika. Fantany ny toe-javatra andalovantsika ao amin'ny fanompoana Azy, fantany ny ady sarotra atrehintsika ho Azy, indraindray. Hitany ny misionera mitory ny Filazantsara *mandritra ny andro mafana dia mafana*, hitany ny kristiana mandeha mitsidika namana marary *amina andro misy fitohanana mafy eo amin'ny fifamoivoizana*. Arahiny maso ny mpanompony miainga tsy ampy fitaovana akory, ao *anaty oram-batravatra*, mba hitsidika kristiana mitoka-monina lavitra. Ary hitany tsara ihany koa ny renim-pianakaviana manatanteraka ny andraikiny andavanandro, nefa *marary an-doha*...

Ilay Andriamanitra mifehy izao tontolo rehetra izao dia mahafantatra ihany koa ny antsipiriany bitika indrindra.

Ho talanjona isika, rahatrizay any an-danitra, mahita fa noheverin'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra. Ho faly Izy, amin'izay fotoana izay, hamaly fitia ny finoana niatrika ireo zava-tsarotra isanandro. Dia ho takatsika mazava tsara fa tsy ho nahazo fandresena isika, raha tsy avy taminy.